GSDM
Professionnels de l'Agro-écologie

# TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

## FAMBOLENA ANANA SY LEGIOMA MANARAKA NY TEKNIKA "AGRO-ECOLOGIQUE"

### TANJONA

- Ahazoana vokatra betsaka sy tsara kalitao ;
- Fidiram-bola fanampiny sy haingana ;
- Tontolo iainana voakajy amin'ny fampiasana fanafody ara-boajanahary ;

### FANOMANANA NY TANIKETSA

- Fidina tsara ny toerana hametrahana ny taniketsa :
  - Akaiky tanàna ;
  - Akaiky rano ;
  - Tany efa masaka ;
- Avadika ny tany ;
- Manamboatra "plate-bande" raha ilaina ;
- Asiana tany masaka na "compost" ;
- Potehina halemy tsara ny bainga ;
- Tondrahana ho mando tsara ny tany.



### FAMAFAZANA SY FIKARAKARANA

- Manao soritra manaraka ny halavany na ny sakan'ny taniketsa, afafy manaraka ny tsipika ny voa ;
- Rarahana vovo-tany manify, asiana bozaka eo amboniny ;
- Tondrahana avy hatrany avy eo ;
- Esorina ny rakotra rehetra rehefa hita fa maniry ny voa nafafy ;
- Manamboatra talatalana raha toa ka mahamay loatra ny andro na be loatra ny orana ;
- Tondrahana maraina sy hariva ny taniketsa raha tsy ampy ny orana

### FANOMANANA NY TANIMBOLY

- Atao akaikin'ny taniketsa ;
- Asaina ny tanimboly ;
- Manamboatra "plate-bande" raha ilaina ;
- Manamboatra lalankely hivezivezena sy hanamorana ny fikarakarana ;
- Manisy zezika "compost" ;









### FAMINDRANA NY ZANA-BOLY

- Raha maloka na manerika ny andro dia azo atao mandritra ny tontolo andro ny fanetsana, raha mitanika ny masoandro dia aorinan'ny amin'ny 4 ora folakandro ;
- Tondrahana ny taniketsa alohan'ny hamindrana azy ;
- Sorohana ny zana-boly na avotana amin'ny hazo kely ;
- Zana-boly iray ihany isaky ny manatsatoka ;
- Tsara raha atsoboka anaty ranon-jezika ny fakany alohan'ny andatsahana azy raha toa ka tsy misy tany ;
- Marihina fa tsy azo aketsa ny voly mamody.

### FIKARAKARANA NY VOLY

- Tondrahana maraina sy hariva ny voly ;
- Avaina, totofana tany ny fototra raha mihanjaka ny faka ;
- Tondrahana ranon-jezika (biofertilisant liquide) ny voly mba hiarovana amin'ny biby kely.



### FIOTAZANA

Atao ara-potoana araka ny fahamatoina ny fiotazana







☞ *Fepetra fampivadiana na fampifandimbiasana voly*

Tandremo fa tsy azo atao ny mampiaraka na mampifandimby ny voly mitovy karazana fa mahatonga faharetan'ny aretina sy ny biby mpanimba.

| Voly mitovy karazana | Mandravina | Mamody | Mamoa |
|---|---|---|---|
| Karazana 1 | Anamamy | Ovy | Voatabia, angivy |
| Karazana 2 | Laisoa, petsay | | Sofilera |
| Karazana 3 | Salady, anamalaho | | |
| Karazana 4 | | Voanjobory, voanjo | Tsaramaso, soja, pitipoa |
| Karazana 5 | Poarao | Tongolo, tongolo lay | |
| Karazana 6 | Selery | Karaoty | |